

BATISA

FANASAN'NY TOMPO

FANASAN-TONGOTRA

(Baptême-Repas du Seigneur-Lavage des pieds)

Ewald Frank

BATISA - FANASAN'NY TOMPO - FANASAN-TONGOTRA
(Baptême-Repas du Seigneur-Lavage des pieds)

Famelabelarana ara-Baiboly

FAMPIDIRANA

Ny Batisa sy ny Fanasan'ny Tompo, dia didy ao amin'ny Baiboly, izay ampiharina any amin'ny ankamaroan'ireo fiangonana kristiana ofisialy na mahaleo tena, na dia samy manao izany araka ny fombany avy aza izy ireo. Very nandritry ny tantaran'ny Fiangonana ny modely izay niandohana tao amin'ny kristianisma voalohany. Ny zava-nisy manko, mba hiarovana ny Teny, dia mpampianatry ny Fiangonana sy mpanao fanavaozana maro no nitolona tamin-kery, samy tamin'ny alàlan'ny Teny avy, kanefa nifanditra mikasika ny Teny ihany ; koa tsy tafaverina tamin'ny fanambarana iombonana sy ny fampiharana mitovy izay tao amin'ny kristianisma voalohany izy ireo.

Izao no vakintsika mikasika ireo kristiana voalohany: ***“Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly...”*** (Asa 2.42). **Fantany fa ny Tompo mihitsy no niantso ireo apostoly ireo, ary fantany koa fa nampahafantarina ny zavamiafin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy ireo.** Taorian'ny fitsanganan'ny Tompo, dia nitoetra teo amin'ny Azy Izy, ***“...hatramin'ny andro nampiakarana Azy, rehefa nodidiany tamin'ny Fanahy Masina ireo apostoly izay nofidiny, sady niseho koa tamin'ny famantarana maro taorian'ny nijaliany fa velona Izy ary nilaza ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.”*** (Asa 1:2-3). Izy no niresaka taminy ny zavatra rehetra mahakasika ny Fanjakan'Andriamanitra, ary nanome azy ireo ny Baikony. Tamin'ny andro Pentekosta, Izy dia nampidina taminy ny Fanahiny, izay nanazava ny Teniny sy **nitarika azy ireo hanao araka izay tena sitrapon' Andriamanitra tanteraka.**

Na dia tsy anisan'ny nanatrika hatramin'ny voalohany aza i Paoly, fa mbola namarana ny “fianarana teolojika”, raha vao niova fo izy, dia ny Filazantsara izay nitorin'ny apostoly ihany no nitoriny, amin'ny lafiny rehetra. Fomba mahagaga no niantsoana azy, ary nankany Arabia aloha izy. Efatra ambinifolo taona taty aoriana, noho ny fanambarana avy tamin'Andriamanitra, dia nankany Jerosalema izy, ary nasehony tamin'ireo rahalahy tompon' andraikitry ny Filazantsara ny zavatra notoriny tany amin'ny jentilisa, mba hanamarinany amin'ny alàlan'ny fampitahana, fandrao nihazakazaka foana izy. (Gal.2:1-2).

Ny bokin'ny Asan'ny apostoly sy ireo epistily dia manambara ny firindràna lavorary misy amin'ny fampianaran'ny apostoly sy ireo Filazantsara efatra ary ny Testamenta Taloha.

Noho izany, izay rehetra navela ho antsika tamin'ny andron'ny apostoly, dia fampianarana sy fomba fanompoana tena ara-Baiboly. Eto, tsy ny hijery izay fomba fijerin'i Petera na i Paoly no ilaintsika, fa Andriamanitra sy ny Tenin' Andriamanitra no atrehintsika mivantana. **Ankehitriny dia mbola io ihany no famarana azo ekena tsy maintsy itsaràna ny zavatra rehetra.**

Indray andro ny Tompo nanontany ny mpianany hoe: *“Efa azonareo va izany rehetra izany? Hoy ireo taminy: Eny. Dia hoy Izy taminy: Koa amin'izany ary ny mpanora-dalàna rehetra izay nampianarina ho amin'ny fanjakan'ny lanitra dia samy tahaka ny tompon-trano, izay mamoaoka avy amin'ny firaketany zava-baovao sy ela.”* (Mat. 13:51-52). Tamin'ny fotoana rehetra, ny Tompo dia nampiasa lehilahy izay natokany ho amin'ny asa fanompoana manokana ao amin'ny Fanjakany. Tsy mba nanana fahalalana teolojika izy ireo, fa voavolavola tao amin'ny sekolin'ny Fanjakan'ny Lanitra. **Ireo iraka nalefany dia nahazo hatrany ireto zavatra roa ireto niaraka: ny Teniny sy ny Fanahiny.** Toy izany no niavian'ny fahazavana sy ny fanambarana mikasika ny Sitrapony sy ny fomba tsara anatanterahana izany. Ny famantarana miavaka izay tsy hamitaka mihitsy dia izao: ny fanambarany ny Teny sy ny fampiharany Azy dia mifanaraka tanteraka amin'ny fanambaran'ny Soratra Masina rehetra. Ny Tompontosika sy ireo apostoly, dia tsy nanana afa-tsy ny Testamenta taloha ihany, ary mandrakariva dia tao no nosintonany teny. Isika dia mahita andalan-tSoratra 845 ao amin'ny Testamenta Vaovao izay notsoahina avy tao amin'ny Testamenta Taloha.

Ireo mpitory ny Filazantsara dia manana andraikitra mavesa-danja eo anatrehan'Andriamanitra. **Noho izany, dia tokony hanana fahasahiana hampitaha toy ny nataon'i Paoly ny “mpiasa tsirairay ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra”, mba ahitana raha izay ampianariny sy ampihariny dia mifanaraka amin'ny fanambarana voalohany ny Filazantsara sy amin'ny fampianaran'ny apostoly.** Raha toa ka nilaina ny nampitahan'i Paoly ny fampianarany tamin'ny fampianaran'ireo apostoly, mba ahafantarany sao nihazakazaka foana izy, isika àry ve afaka ampandrotsirotsy tena tsy hiahiahy mikasika ny tokony hiarovana ny tenantsika? Sanatria! **Raha mikasika izay rehetra avy amin'Andriamanitra dia tsy misy afa-tsy tokana ihany ny tena-izy.** Izay rehetra tsy mifanaraka amin'izany dia fakan-tahaka sy sandoka avokoa.

Nolazaina tamin'ny anjelin'ny Fiangonana Efesosy hoe: *“...ary hianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy.”* (Apok.2:2). Afaka natao izany fitsarana izany, satria ireo izay nandre dia nampitaha ny toriteny norenesiny tamin'ny toritenin'ireo Apostoly voalohany. Nahazendana ireo mpino ara-Baiboly ny nahatsapàny fa hay ireto

olona izay nitonona ho apostoly dia mpandainga, satria ny zavatra notoriny dia tsy ilay hafatra madio avy tamin'Andriamanitra.

Tao amin'ny kristianisma voalohany, tsy nisy tsy nazava ny zavatra rehetra mikasika ny batisa sy ny Fanasan'ny Tompo. Ny Tompo dia nanome baiko mazava ho an'ny apostoly ; izao no voalazany mikasika ireo izay nirahiny: *"Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy."* (Lioka 10:16). Izany no antony te-amoaboasanay eto ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo araka izay namelana azy ireo ho antsika ao amin'ny Soratra Masina. **Mifandray mivantana amin'ny Fanasan'ny Tompo ny fanasan-tongotra.** Noho izany, hojerentsika fohifohy amin'ny fahazavan'ny Tenin'Andriamanitra koa io teboka io.

NY BATISA

Tsy maintsy velabelarina fohifohy aloha ny batisa ara-Baiboly. Ny Tompo dia nibaiko ny hanaovana batisa ny mpino, ary izany no mahatonga ireo anaram-piangonana kristiana manao batisa. Ny fivoarana ara-tantara an'ny fiangonana anefa dia mampiseho fanalavirana maro tokoa, raha ampitahaina amin'ny fampianarana sy ny fampiharana ny batisa tao amin'ny kristianisma voalohany. Raha nitovy ny fampiharana ny batisa tamin'izany fotoana izany, ankehitriny isika mahita fahasamihafana be na any amin'ireo fiangonana ofisialy, na koa any amin'ireo mahaleo tena.

Ny tenin'i Paoly apostoly ho an'ireo mpino tao Efesosy dia mbola manana ny lanjany tokoa ankehitriny: *"Iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa."* (Efes.4:5). Raha ny marina, tokana ihany ny Tompo, **dia Andriamanitra izany;** tokana ihany ny finoana tena izy, **dia ny finoana ara-Baiboly ;** tokana ihany ny batisa, **dia ilay nataon'ireo apostoly.**

Amin'ity famoaboasana ity isika dia hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny alalan'ny Soratra Masina: Ny batisa, inona moa izany? Inona no dikany? Iza no atao batisa? ary ahoana ny fanatanterahana izany?

NY FEPETRA

Ny fepetra fototra anaovana batisa ny olona iray dia ny finoany manokana. Nialoha kelin'ny niakarany an-Danitra rehefa avy nitsangana tamin'ny maty ny Tompo dia nandidy Izy hoe: *"Mandehana amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena."* (Marka 16:15-16). Tsy maintsy ny fanambaràna ny hafatry ny Fanavotana araky ny Soratra Masina no mandeha aloha, fa tsy fombam-pivavahana.

Amin'ny alalan'ny toritenin'ny fampihavanana izay azontsika ao amin'i Kristy, Ilay Voahombo, no nampanatonana ny olombelona amin'ny fahasoavana natolotr'Andriamanitra. Araky ny voasoratra, ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny dia avy amin'ny Tenin'Andriamanitra (Rom. 10:17). Miaraka amin'izany ny Fanahy Masina no mamokatra, ao anatin'ilay mihaino, ny FINOANA izay ilaina. **Tsy maintsy tonga amin'ny fanekena ao anatin'ny ilay olona, sy hilaza ny fanekeny, ary handray amim-pahafantarana tsara ny fahasoavana izay omen'Andriamanitra azy.** Voataona hanana traikefa manokana mikasika ny famonjena ilay olona, ka lasa mpino izy. Araka ny Romana 8:16, ny Fanahy dia milaza amin'ny tsirairay izay nandalo izany traikefa izany fa lasa zanak'Andriamanitra izy. **Izany no fahazoana antoka ny famonjena, izay manan-danja eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana ny fanamarinana.**

Manaraka izany, tonga ny dingana faharoa: ny batisa. *“Ary izay nandray tsara ny teniny dia natao batisa”* (Asa 2:41), izany no voalaza amintsika fa nitranga tamin'ny andro nananganana ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Ny vokatra azon'ny toriteny voalohany tamin'ny andro Pentekosta dia nanaitra tokoa. Sahabo ho telo arivo ireo nandre ny Teny. Nandray izany tamim-pinoana ho Hafatra avy tamin'Andriamanitra izy ireo, ka natao batisa. Notanana io modely ara-Baiboly io hatramin'ny taon-jato fahatelo taorian'i Kristy.

Nandeha nitory ny Filazantsara ireo apostoly sy ny lehilahy hafa, rehefa notafiana ny Fahafenoan-kerin'ny Fanahy. Anisan'ireny Filipino, izay niavian'ny fifohazam-panahy lehibe tany Samaria vokatry ny ministerany. Tamin'izany koa dia olona maro no nino ary natao batisa (Asa 8:16).

Notarihin'ny Fanahy io evanjelista io ka nihaona tamin'ity tandapa Etiopiana ity izay teo am-pamakiana indrindra ny toko faha-53 ao amin'Isaia (Asa 8:26-39). Voalaza ao amin'ny andininy faha-35: *“Ary Filipino niloa-bava, dia nanomboka teo amin'izany Soratra Masina izany nitory an'i Jesosy taminy.”* **Ny toriteny dia nipoitra ary nifototra tamin'ny Teny faminiana izay efa nanambara mialoha ny fanavotana tian'Andriamanitra atolotra ny olombelona.**

Notapahin'ilay tandapa teo afovoany ny toritenin'ilay lehilahin' Andriamanitra ary hoy izy hoe: *“Indro rano, ka inona moa no manakana ahy tsy hatao batisa?”* Ny fepetra, mifanaraka tsara amin'ny Tenin'ny Tompo sy ny an'ny apostoly, izay nentin'i Filipino dia izao: *“Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao dia azo atao ihany.”* Tonga hoazy avy hatrany ny valiny, nanao hoe: *“Mino aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra.”* — *“Dia nasainy najanona ny kalesy ; ary izy roalahy, dia Filipino sy ilay tandapa, nidina ho eo amin'ny rano; dia nataony batisa izy.”* (and.37-38). Teo koa, ny finoana dia avy tamin'ny toriteny, toriteny izay mbola avy tamin'ny Tenin'Andriamanitra ihany. **Niasa tao amin'ilay nihaino ny Fanahin'Andriamanitra, ary nanaraka avy hatrany ny batisa ara-Baiboly.**

Tamin'ny alàlan'ny fanambarana manokana, dia nahazo iraka ho any Kaisaria i Petera, hankao amin'ny tranon'ny kapiteny romana antsoina hoe Kornelio (Asa toko faha-10). Ary nahazo vokatra ara-Baiboly koa ny toriteniny. Iza no voalaza amintsika: *“Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina.”* (and.44). Mba ahatanterahan'izay niova ho mpino ny fahamarinana rehetra, ary mba ho vohaja ny didin'ny Tompo, dia hoy ilay apostoly hoe: *“Moa misy olona mahazo mandrara ny rano tsy anaovana batisa ireo, izay efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa?”* (and.47). Ary ankehitriny, ny tena mpino tsirairay dia mbola hanao tsy misy hafa amin'izany, **ary atao batisa ara-Baiboly, na dia efa nandray ny Fanahy Masina aza izy.** Izay rehetra ataon'Andriamanitra dia tsy misy fiovana hatramin'ny farany, mitohy amim-pirindrana tanteraka.

Tsy ahitantsika soritra na kely aza, ao amin'ny Soratra Masina, mikasika ny batisan'ankizy na ny fanopazan-drano amin'ny zazamenavava. Ny olona mitady hanamarina io fanao io amin'ny alàlan'izay voalaza ao amin'ny Lioka 18:15-17, dia tokony mbola hamaky koa ny andalana mirazotra amin'izany, ao amin'ny Matio 19:13-15 sy Marka 10:13-16. Miharihary tsara avy amin'izany fa nametra-tànana fotsiny tamin'ireo zaza nampanatonina Azy Jesosy Tompo ; notrotroiny ireo ary notsofiny rano. Tsy mba niresaka ny amin'izay batisa atao amin'ny zazakely ny Mpampianatra. Ankehitriny koa, raha any amin'ireny fikambanana ara-Baiboly, ireo ray aman-dreny mpino dia mitondra ny zanany, **mba atolotra am-bavaka ho an'ny Tompo ary mba ho voatahy.**

Ny andalan-tSoratra faharoa izay raisin'ny olona mba hanamarinana ny batisan-jaza, dia tsy miresaka mahakasika izany akory. Raha tao an-tranomaizina Paoly sy Silasy, tany Filipia, dia nisy zava-mahagaga nitranga ka naha tora-kovitra ny mpiambina. Nanontany ireo olon'Andriamanitra roalahy izy hoe: *“Tompoko, inona no mety hataoko, mba hovanjena aho?”* (Asa 16:30). Dia hoy izy roalahy: *“Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovanjena hianao sy ny ankohonanao.”* Ao amin'ny andininy manaraka dia vakintsika izao: *« Ary izy roalahy nitony ny tenin'ny Tompo taminy sy tamin'izay rehetra tao an-tranony. »* Hitantsika indray eto fa nanatanteraka ny iraka nampanaovina azy izy ireo: Voalohany, **nisy ny toriteny izay nohainoin'ny ankohonany rehetra, ka neken'ireo tamim-pinoana, nialoha ny nanaovana batisa azy:** *“Ary nandray azy roalahy izy tamin'izany ora amin'ny alina izany ka nanasa ny dian-kapoka; ary natao batisa tamin'izay izy mbamin'izay azy rehetra.”* Voalohany, ilay mpiambina sy izay tao an-tranony rehetra dia nino tamin'ny alalan'ny toriteny, izay vao natao batisa. Tsy misy mihitsy amin'ireo teny ireo milaza fa nisy ankizy na zazamenavava natao batisa tamin'izany.

Ny fanaovana batisa izay hita ankehitriny, amin'ny ankapobeny, dia niala tanteraka tamin'ny fototra ara-Baiboly ; ny tantaran'ny Fiangonana dia manambara izany koa. Io fanao io dia nipoitra tamin'ny vanim-potoana nisian'ny fanerena ny olona ho kristiana tamin'ny fomba nahatsiravina:

fianakaviana manontolo sy vahoaka maro no niara-noporetina natao batisa. Taty aoriana, ho solon'ny finoana izay ilaina amin'ny olona atao batisa, dia noforonina ny "ray sy reny amin'ny batisa" (*parrain, marraine*), fomba izay tsy ara-Baiboly mihitsy koa. Toy ny efa hita mazava tsara, araka ireo andalan-tSoratra Masina efa novelabelarina ireo, **ny olona tsirairay no tsy maintsy mandray ny fanapahan-keviny manokana eo anatrehan'Andriamanitra**. Mampalahelo anefa amin'ny ankapobeny, ny toriteny any amin'ny fiangonana ofisialy sy ireo mahaleo tena dia tsy mifanaraka amin'ny môdely apostolika, izay koa no antony tsy isian'ny vokatry ara-Baiboly.

NY ANARANA

Tsy misy ao amin'ny Soratra Masina andalan-tSoratra diso fandrany sady diso fampiasa toy ny Matio 28:19. Iza no voalaza ao: "*Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy **HO AMIN'NY ANARAN'NY Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina...***". Mahagaga fa nandritra ireo taonjato nanaraka ny fiandohana, io Teny io dia nadikan'ny olona tamin'ny **raikipohy "telo-izay-iray"** (trinité) izay mbola ampiasaina mandrak'ankehitriny, saika manerana ireo fiangonana ofisialy sy ireo mahaleo tena. Toa tsy misy anefa mametra-panontaniana mba hamantatra, **iza moa ilay Anarana tsy maintsy anaovana batisa**. Ny Ray, Zanaka ary Fanahy Masina dia fanononana ireo fomba fisehoan'Andriamanitra. Ny olona iray dia mety manana fiantsoana azy maro, ohatra: mpampianatra, mpisolovava, mpitsabo, sy ny sisa. Ny lehilahy iray dia mety ho ray, vady ary zanaka. Izany rehetra izany dia fiantsoana isan-karazany miankina amin'ny tontolo iseraserana, ary ampiasaina araka ny fifandraisana misy. Toy izany koa ny mikasika an'Andriamanitra, izay, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nampahafantatra ny Tenany tamin'ny Anaran'ny Fanekena hoe "Jehovah". **Mandritra ny batisa dia ny Anarana izay nanehoany ny Tenany ato amin'ny Testamenta Vaovao no ampiasaina, izay tsy voatonona ao amin'ny Matio 28:19.**

Izao dia tsara ny andinihantsika andalan-tSoratra Masina vitsivitsy, izay miresaka koa ilay Anarana kanefa tsy notononina. Tsy isalasalana fa hanampy ireo tena mikatsaka ny marina izany. Ao amin'ny Lioka 10:17, hitantsika fa ireo mpianatra fitopololahy izay nirahin'ny Tompo, dia niverina tamin-kafaliana nanao hoe: "*Tompo ô, na dia ny demonia aza dia manaiky anay **NOHO NY ANARANA***". Tsy mazava amintsika ve ao amin'io andalan-tSoratra io fa ireo olona ireo dia nahatsapa ny herin'ny Anarana JESOSY, **ka Izy mihitsy no tao an-tsain'izy ireo?** Mazava hoazy! Ao amin'ny Matio 18:20, raha nilaza ny Tompo "*fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo **AMIN'NY ANARAKO***", tsy hisy olona hisalasalana fa ny Anarana JESOSY no tiana ambara, na dia tsy voatonona aza. Voalaza ao amin'ny Lioka 24:47 fa ny fibebahana sy ny famelan-keloka dia tsy maintsy torina amin'ny ANARANY, ary maro no nino ny

ANARANY. Ao amin'ireo andalan-tSoratra samihafa ireo, ny rehetra dia samy mahafantatra Iza ilay ANARANA resahina, kanefa ao amin'ny Matio 28:19 ihany no toa anadinoina iza ilay ANARANA. Mahagaga tokoa. Tokony handinika tsara izany ny olona.

Ao amin'ireo andalan-tSoratra voatanisa hatreto dia ny Anaran'ny Zanaka no voatonona, fa ireo andalan-tSoratra izay omena izao dia mifandraika amin'ny Anaran'ny Ray. Eo no idirantsika amin'ny faritry ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.

Ny Tompo dia nampianatra antsika hivavaka manao hoe: *“Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny Anaranao.”* (Matio 6:9). Izany dia teny averimberin'olona an-tapitrisany, izay tsy manontany tena akory **Iza ilay Anaran'ny Ray izay tsy maintsy hohamasinina.** Andriamanitra dia Ray satria manana zanakalahy sy zanakavavy Izy, fa ny resahina eto dia ny Anarany masina. Ao amin'ny Jaona 12:28, izao no lazain'ny Zanaka: *“Ray ô, mankalazà ny Anaranao!”* Ny valiny avy tany an-danitra dia ity: *“Efa nankalaza Azy Aho, ary hankalaza Azy indray.”* Anaran'iza no ambara amin'izany? Iza no Anaran'io Andriamanitra io izay maniry hankalaza indray ny Anarany? **Tokana monja anefa ny Anarana ahafahantsika manatona an'Andriamanitra, ary izany ihany no Anarany.**

Tao amin'ny vavaka fisoronana, ny Zanaka dia nilaza izao mikasika ny Ray: *“Nasehoko tamin'ny olona izay nomenao Ahy, avy tamin'izao tontolo izao ny Anaranao.”* (Jaona 17:6). Anarana ao amin'ny Testamenta Taloha ve no voalaza eto? Tsia! Izay namaky am-pifantohana tsara dia ho nientana rehefa nahatsapa fa: **ny Anaran'ny Ray dia aseho amin'ireo izay Azy, amin'ny mahanakalahy sy zanakavavy azy ireo. Andriamanitra efa nahafantatra azy, ary anjaran'izy ireo kosa mamantatra an'Andriamanitra.** Ary izany rehetra izany dia fehezina amin'ny hoe: *“Ray Masina ô, tehirizo ireo amin'ny ANARANA izay NOMENAO AHY”* (and.11). Teny mazava tsy misy mihoatra izany: Ny Anaran'ny Zanaka ihany no Anaran'ny Ray. Ao amin'ny andininy faha 26, Jesosy nanao izao fampanantenana izao: *“Efa nampahafantariko azy ny ANARANA, ary mbola ampahafantariko ihany...”*

Tamin'izany andro izany, Jesosy nilaza tamin'ny Jiosy hoe: *“ IZAHO dia avy amin'ny ANARAN'ny Raiko, nefa tsy raisinareo.”* (Jaona 5:43). Dia mba ahoana ny mikasika ny kristiana? —Sambatra ny olona afaka mino fa **ny Ray dia niseho tao amin'ny Zanaka ary nampahafantatra antsika ny Anarany!** Fa Iza moa no Anarany? —JESOSY, Izy no Imanoela: Andriamanitra amintsika! **Tokana ihany ny fisehon'Andriamanitra ara-batana:** dia ilay nisehoany tao amin'i Kristy, **ary tokana ihany no Anaran'Andriamanitra resahana eto, dia Jesosy Tompo.** Amin'io Anarana io no handohalehan'ny lohalika rehetra, ary amin'io Anarana io no haneken'ny lela rehetra. Izany no fomba nihaonan' Andriamanitra tamintsika, ary tsy maintsy toy izany ihany no ahafahantsika mihaona Aminy. Dia **voavahan'io famelabelarana nataontsika izay miafara**

amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo io àry ny zavamiafina ao amin'ny Matio 28.19.

NY FAMPINANARAN'NY APOSTOLY

Hojerentsika izao kosa **ahoana ny fomba tena nanatanterahana ny baiko anaovana batisa tao amin'ny Fiangonana voalohany**. Anisan'ireo nomen'ny Tompo ireo Baikony i Petera, ao amin'ny Matio 28. Izy no nanankinana ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra, **izany hoe afaka niditra tamin'izay rehetra mikasika ny Fanjakan'Andriamanitra izy**. Raha tsy mbola nilatsaka akory ny Fanahy Masina, efa nitsangana sahadry izy teo afovoan'ireo 120, ary nanomboka nandahatra ny zava-nitranga rehetra araka ny Soratra Masina (Asa 1.15). Ny andro Pentekosta, avy hatrany dia nitory ny Filazantsara tamin'ireo vahoaka izay nihazakazaka nanatona izy, raha vao feno ny Fanahy Masina. Ny teniny dia nanindrona ny fon'ny maro, izay nanontany hoe: *“Ry rahalahy, inona no hataonay? Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny ANARAN'I JESOSY KRISTY hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo.”* (Asa 2:37-38). Teo no notanterahina voalohany ny baiko misionera, izany hoe **izay rehetra nino dia natao batisa araka ny Matio 28:19, tamin'ny ANARANA voatondro ao amin'io andalana io**. Ny tsangan-kevitra milaza fa ny Tenin'i Jesosy dia manan-danja kokoa noho ny an'ireo apostoly dia tsy mampihontsona akory izay mino ny tsindrimandry jadona avy amin'ny Soratra Masina. Mifanohitra amin'izany aza, ny manaitra antsika lalina dia **ny firindrana tanteraka misy amin'ny baiko sy ny fampiharana azy**.

Efa natsiditsika teo fa tany Samaria, maro ireo olona nino ary natao batisa. Tonga tany Jerosalema ny lazan'izany. Izao no voalaza mikasika izany: *“Ary nony ren'ny ny Apostoly tany Jerosalema fa Samaria efa nandray ny Tenin'Andriamanitra, dia naniraka an'i Petera sy Jaona izy hankany aminy. Nony tafidina tany izy roalahy, dia nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina. Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza; fa natao batisa tamin'ny ANARAN'I JESOSY TOMPO ihany izy.”* (Asa 8.14-16). Ny teboka asiana tsindrimpeo dia tsy nisy nanaovana batisa azy ireo afa-tsy **tamin'ny Anaran'i Jesosy Tompo**.

Tao an-tranon'i Kornelio koa, Petera dia nandidy ny rehetra tao mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy (Asa 10:48). Tsy misy teolojiana afaka mamelabelatra zavatra hafa noho izay efa napetraka ho antsika ao amin'ny Teny, **ka na anjely avy any an-danitra aza hanao izany, dia ho voahozona** (Gal.1:8).

Ny zavatra iray azo antoka fa nanaitra ny tsirairay, amin'ireo tranga rehetra voatanisa hatreto, dia natao batisa tamin'ny **“Anaran'i Jesosy Kristy Tompo”** avokoa izay rehetra nino. Voarain'ireo apostoly tsara izay tian'ny Tompo nambara. Notanterahany zato isan-jato ny didin'ny Mpampianatra. Toy

izao no nilazana ny iraka: *“Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny ANARAN’NY Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, SADY MAMPIANATRA AZY HITANDRINA IZAY REHETRA NANDIDIAKO ANAREO.”* (Matio 28:19). Ny Tompo mihitsy no nampianatra azy ireo ; **fantany ny Anarana izay nisehoan’Ilay Andriamanitra tokana toy ny Ray, Zanaka ary Fanahy Masina, ary tamin’izany Anarana izany no nanaovany batisa.** Araka izany dia nahatanteraka ny baiko nomen’i Jesosy azy izy ireo.

Hojerentsika izao, ahoana ny nanaovan’i Paoly batisa, izay nantsoin’ny Tompo hoe *“fanaka voafidy”*. Raha tonga tany Efesosy izy, dia nihaona tamin’ny lehilahy roambinifolo izay tsy nahafantatra afa-tsy ny batisan’i Jaona. Ka rehefa nanazava fohifohy **ny drafi-panavotan’Andriamanitra** izy, dia nisy vokany avy hatrany izany: *“Ary raha nahare izany izy, dia natao batisa ho amin’ny ANARAN’I JESOSY TOMPO, ary rehefa nametrahana’i Paoly tana izy dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina...”* (Asa19.5,6)

Tsy iadian-kevitra fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy aorina mafy amin’ny tenin’ny vavolombelona roa na telo. Izay nitranga tany Jerosalema sy tany Samaria tao amin’ny ankohonan’i Kornelio, ary tany Efesosy no noresahantsika teo. Ka na teo anivon’ny Jiosy, na tany amin’ny Samaritana, na tany amin’ny Jentilisa, ary koa na Petera, na Filipino na Paoly no nitory, dia natao tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy Tompo hatrany ny batisa.

Tsy maintsy mahatsapa isika fa tsy mety hisy fifanipahana mihitsy ao amin’ny Baiboly. Tsy mba hamoaka fanambarana roa samihafa mihitsy ny Fanahy Masina mikasika zavatra iray. Tamin’io vanim-potoana voalohany io, Andriamanitra dia nifidy an’i Petera, sy Paoly ary lehilahy hafa koa izay nomeny fahefana feno hametraka ireo foto-pampianarana ara-Baiboly. **Nirindra tanteraka ny nanaovan’izy ireo izany, na tao amin’ny teny vavolombelon’ny Soratra Masina, na tamin’izy samy izy.** Iza àry no afaka hitsikera, hilaza fa tsy nahavita araka ny tokony ho izy ny iraka nomena azy ireo lehilahin’Andriamanitry ny kristianisma voalohany ireo, izay niaranamindra tamin’i Jesosy? na koa i Paoly izay nihaona tamin’ny Tompo taorian’ny niakarany tany an-Danitra? ary hiampongana fihemorana azy ireo?

Andeha horenesintsika indray i Paoly. Nanoratra ho an’ny Romana izy hoe: *“Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin’i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin’ny fahafatesany?”* (Rom. 6:3). Ao amin’io andininy io Paoly dia mipetraka ho anisan’ireo natao batisa tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, toy ireo mpino hafa rehetra. Ao amin’ny Soratra Masina iray manontolo, tsy ahitana andalan-tSoratra na tokana monja aza misy olona natao batisa fanaon’ireo trinitera, amin’ny fiantsoana *“Ray, Zanaka sy Fanahy Masina.”*

Ireo mpiasa rehetra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, nantsoin'ny Tompo, feno ny Fanahy Masina, dia iray fahalalana, iray fampianarana, iray finoana, iray batisa. Nifanaraka sy nirindra avokoa ny zavatra rehetra. Tsy nisy tamin'izy ireo nanao tsianjery fotsiny ny andalana ao amin'ny Matio 28. Fantany fa ao amin'io andalan-tSoratra io dia **Anarana tokana** no resahina “...*manao batisa azy ho AMIN'NY ANARAN'NY Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina*”, dia izay no nataony. Nino izy fa Andriamanitra dia niseho amin'ny maha Ray, Zanaka sy Fanahy Masina Azy ; fantany Izy, fantany koa ny Anarany. **Ireo dia lehilahy nanana fiombonana nivantana tamin'Andriamanitra tao amin'ny fiainana.** Tsy mba nisy firehana teolojika niasa taminy, fa ny zavatra an'Andriamanitra no nirotsaka tao aminy tamin'ny alalan'ny fanambarana.

Izay tsy mandray afa-tsy ny “soratra” ao amin'ny Matio 28, fa tsy nahazo ny fanambarana mikasika izany, dia hanao tsianjery ny andininy 19 fotsiny, tsy hahatsapa fa **asa hotanterahina no nonomen'ny Tompo ao amin'io didy ho amin'ny batisa io.** Matio 28 sy Marka 16 dia filazana ny iraka lehibe amintsika, ny didin'ny iraka. **Ao amin'ny Asan'ny Apostoly no ahitantsika ny fanatanterahana azy, izay vokatra manan-kery mandrakizay.**

Raha mpampianatra iray manome lazaolana ny mpianatra iray, kanefa ilay mpianatra tsy hanome ny valiny na ny vokatra, fa hamerina fotsiny ny lazaolana, dia samy hisaina avokoa ny rehetra fa misy zavatra tsy mety ao! Raha mikasika ny batisa indray, nyolona, **raha tokony hanatanteraka ny baiko nomen'ny Tompo,** na ireo mpampianatra Baiboly aza, dia mamerina fotsiny ny teny voalazan'ny didy. Ny fanatanterahantsika ny iraka toy ny nataon'ny apostoly ihany no fanamarinana fa ny Tompo niantso azy ireo ihany no niantso antsika, ary koa fanamarinana fa Izy no nampandraikitra antsika ny fitoriana ny Filazantsara. Ireo apostoly sy ireo mpampianatra tamin'ny vanimpotoana voalohany dia nahazo an-tsaina tsara ny andraikitra voasoritra ao amin'ny Matio 28. Isaorana anie Andriamanitra namela ho antsika ny raki-tSoratra mikasika izany didy izany. Kanefa ilaintsika ny mahazo, **avy amin'ny Fanahy Masina, ny fahazavana azon'ireo apostoly ihany,** mba ahitantsika koa izay efa hitany, ahafahantsika koa mpampianatra izay efa nampianariny, ary **manao batisa toy ny efa nanaovany batisa.**

Tsy tokony hisy hanamaivana ny voalaza amin'ity famelabelarana ity, izay nangalana porofo mazava avy tamin'ny Soratra Masina. Matetika ny zavatra anankiroa dia hita toa mitovy. Mety ho toa mifanakaiky tokoa izy roa, na dia mifanalavitra tanteraka toy ny tany sy ny lanitra aza. Ao amin'ny hafatra ho an'ny Fiangonana Filadelfia, ny Tompo dia midera ny vahoakany amin'izao teny izao: “...*ary tsy mba nandà ny ANARAKO.*” (Apok. 3:8). Fa ahoana kosa ny mikasika ireo mpino rehetra mihira ny Anaran'i Jesosy, mampiasa Azy amin'ny vavaka ataony, ary mitory Azy, **kanefa mandà ny hisalotra io Anarana io amin'ny alàlan'ny batisa?**

Toy izany koa, ahoana ny mikasika ireo evanjelista izay mandroaka demonia amin'ny Anaran'i Jesosy, mahavita fahagagana sy fanasitranana amin'ny ANARANY, **kanefa mitsipaka io Anarana io, rehefa hanonona Azy amin'ny batisa?** Amin'ny molotra miantsoantso mafy no ijoroany ho vavolombelona fa tsara ny Anaran'i Jesosy, saingy tsy vonona akory izy **hitondra ny fanalambarakan'ny Anarany.** Ny Tompo dia milaza izao ao amin'ny Matio 7:22-23: “ *Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny Anaranao va izahay? Ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny Anaranao va izahay? Ary dia ambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay ; mialà amiko ry mpanao meloka.*”

Ireo olon'ny “*plein Evangile*” [*Filazantsara feno*] no voaresak'io andalana io ; —andaniny, izy ireo nandray anjara amin'ny fitahiana nampanantenaina ny Fiangonana, —saingy ankilany, mihazona ho zava-tsarobidy ireo fomba nolovana izay tsy ara-Baiboly. Tsy vonona ny hanitsy ny lalany mba hifanaraka tanteraka amin'ny Soratra Masina ireo. Iza rô no vonona hilefitra eo anatrehan'ny fahazavan'ny teny vavolombelon'ny Soratra Masina ê? —tena **ilàna fahasahiana ny mitsipaka ny fanaovana batisa nolovana tamin'ny razana, ka manaiky izay ara-Baiboly.** Kanefa araka ny efa novakiana ao amin'ny Romana 6:3, izay tsy mandray ny endrik'i Kristy amin'ny nahafatesany amin'ny alàlan'ny batisa, dia tsy afaka hitsangana miaraka Aminy! Ny fitahiana sy ny fanomezam-pahasoavana fotsiny tsy midika inona. **Voalohany, tsy maintsy mirindra tanteraka ny fampianarana sy ny fampiharana.** Amin'ny farany, ny hany ho azo ekena **dia ny fankatoavana avy amin'ny finoana.** Ny finoana izay mahatonga ny fanambarana amintsika ny Sitrapon'Andriamanitra ihany no ilay finoana mamokatra ireo asa takiana ao amin'ny Teny. **Sambatra izay mihaino ny Tenin'Andriamanitra ka mampihatra izany Teny izany.**

NY HEVINY

Ao amin'ny fiandohan'ny Testamenta Vaovao, tonga Jaona Mpanao batisa ary nitory hoe: “*Mibebaha hianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra*” (Matio 3:2). Natetika ny Tompo no niteny nikasika azy sy ny fanompoany. Anisan'izany ny nilazany hoe: “*Ary ny vahoaka rehetra sy ny mpamory hetra raha nandre, dia nanamarina an'Andriamanitra, satria natao batisa tamin'ny batisan'i Jaona izy. Fa ny Fariseo sy ny mpahay lalàna kosa nandà ny fikasan' Andriamanitra, satria tsy nanatona hataon'i Jaona batisa izy.*” (Lioka7:29-30). Jesosy Kristy aza dia tonga tany amoron'i Jordana ary nataon'i Jaona batisa, ary hoy Izy hoe: “*...fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra.*” (Matio 3:13-17).

Hatramin'ny niorenan'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao, dia mbola manan-kery ny voalazan'i Petera tamin'ny toriteniny voalohany taorian'ny

nilatsahan'ny Fanahy Masina: *“Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelàna ny helokareo ; ary hianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina.”* (Asa 2:38).

Tsy anjaran'ny tsirairay ny mamaritra ny batisa araka izay tiany, **fa izany dia fanehoana fankatoavana izay tsy azon'ny mpino tsirairay ialàna.** Na zovy na zovy nandray amin'ny finoana, ho an'ny tenany, ny asa Fanavotana efa vita, ka efa niaina ny fanamarinana, dia tonga mpianatr'i Jesosy. Ny batisa dia tsy atao ho famelan-keloka, **fa izay efa nahazo famelan-keloka ihany no anaovana azy.** Araka ny 1 Petera 3:21, ny batisa dia *“fitadiavana ny fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny nitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty...”* Ilay natao batisa dia mitonona fa an'i Kristy izy, ka voahombo niaraka tAminy sy niara-maty tAminy.

Miditra ao anaty rano hatreo amin'ny andilana izy roa, ilay manao batisa sy ilay atao batisa. Dia milaza aloha ilay mpanao batisa hoe: *“Ry rahalahy (na ranabavy), noho ny finoanao, izaho dia manao batisa anao amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, araky ny Tenin'Andriamanitra.”* Toy ny amin'ny fandevenana, ilay olona atao batisa dia atsilàny, asitrika tanteraka ary avoaka ny rano avy hatrany. **Ny fivoahan'ilay natao batisa avy amin'ny “fasan-drano”, dia maneho fa io olona io dia niara-nitsangana tamin'i Kristy ho amin'ny fiainana iray vaovao.** Noho izany, tsy misy azo ekena ho batisa na ny famafazan-drano, na ny rano hatete.

Ny apostoly dia nanoratra hoe: *“...fa niara-nilevina hianareo tamin'ny batisa, izay niarahanareo natsangana tAminy koa noho ny finoana ny asan'Andriamanitra, izay nanangana Azy tamin'ny maty.”* (Kol.2:12). Ny Soratra Masina tsy miresaka fahateraham-baovao avy amin'ny alàlan'ny batisa. **Fa ny ampianariny kosa dia, ny olona izay niaina ny fahateraham-baovao noho ny asan'ny Teny sy ny Fanahy no atao batisa.** Kanefa tsy midika fa hahazo avy hatrany ny batisan'ny Fanahy Masina isika raha vao vita batisan'ny rano. **Ny batisan'ny Fanahy Masina dia valiny avy any an-danitra izay manamarina amin'ilay mino fa neken'Andriamanitra izy.** Traikefa, na zavatra tena iainana izany.

Izao no voalaza ao amin'ny epistily ho an'ny Romana: *“Koa niara-nalevina tAminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao. Fa raha nampiraisana tAminy tamin'ny endriky ny Fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin'ny Fitsanganany.”* (Rom.6:4-5).

Izao no soratan'ny apostoly ho an'ny Galatiana: *“Fa hianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Kristy Jesosy. Fa na iza na iza hianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy.”* (Gal. 3:26-27). Tsy mpanota iray nitsofoka maina tao anaty rano, ka mpanota lena nivoaka avy tao

àry izany, fa **olona namelan'Andriamanitra heloka, ka nihavana tAminy ary nahazo antoka ny amin'ny nandraisany ny famonjena.**

Porofoin'i Petera apostoly ny ilàna ny batisa, ka nohariny izany amin'ny sambo-fiaran'i Noa: “...fony niandry ny faharim-pon'Andriamanitra tamin'ny andron'i Noa, raha mbola namboarina ny sambo-fiara, izay nidiran'ny olona vitsy, dia izy valo mianaka, ka dia namonjena azy ny rano, izay mamonjy anareo koa ankehitriny, dia ny batisa, izay tenan'io tandindona io...” (1Pet.3:20-21). **Nifaohan'ny safo-drano ireo rehetra izay tsy tao anatin'ny sambofiara.** Olona vitsy ihany no nihaino ny toriteny, nino ny hafatr'i Noa mpaminany, ka niditra tao anatin'ny sambofiara.

Fa nahoana moa Petera no nandray ny sambo-fiara ho tandindon'ny batisa ho an'ireo lasa mpino? **Izay mino marina dia manatanteraka izay nobaikon'Andriamanitra ka manaiky atao batisa ao amin'i Kristy.** Izy no Sambofiarantsika ; ao Aminy isika dia voaàro amin'ny fitsaran'ny fahatezerana ho avy. Ny famonjena dia avy amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy. **Nohon'ny fankatoavany ny Teny, ilay niova ho mpino dia manaiky atao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.** Mifanohitra amin'izany kosa, izay tsy manaraka ny baikon'Andriamanitra dia mampiharihary ny tsifinoany, mitoetra ao amin'ny ditra, ary mizotra mankany amin'ny fahaverezany. Izany dia azo ampitahaina amin'ny safo-drano tamin'ny andron'i Noa.

Raha mbola tsy nirodorodo handentika azy ny safodrano, ireo olona ireo dia tsy maintsy ho nanontany hoe: “Maninona no tsy maintsy miditra ao anatin'ny sambo-fiara? Mino an'Andriamanitra izahay dia ampy! Mandeha toy ny mahazatra ny zavatra rehetra.” **Tsy namantatra izy ireo fa Noa dia nitondra ny Tenin'ny Tompo.** Nandeha ny “tanisa mijotso”. Tonga tampoka ny andro ary nanafotra azy ireo ny loza efa voambara. Na maro aza ireo fampitandremana avy tamin'ny toriteny, tsy-nampoizina ny fahatongavan'ny farany. **Narindrina ny varavarana ary izay teny ivelany dia maty.** Ankehitriny, ny zava-drehetra dia toa maharitra tsy miova hatramin'ny namoronana izao tontolo izao (2 Pet.3:4). **Kanefa amin'ny andron'i Jesosy Kristy, izay efa antomotra tokoa, dia hiseho ny fahasamihafana.** Hipaika tampoka ny oran'Andriamanitra, ho lasa ny androm-pahasoavana ary hikatona ny varavarana.

Ary amin'izay dia ho diso aoriana mandrakizay, ka tsy afaka hanao ny zavatra tsy vita intsony. Izany no antony anentanan'ny Tompo antsika amin'ny ilazany hoe: “...Anio, raha hihaino ny feony hianareo, aza manamafy ny fonareo...” (Heb.3:7). Ny Teny ao amin'ny Marka 16:16 dia mbola manan-kery hatrizao: “Izay mino sy atao batisa no hovanjena.” Iza no tena vonona handray sady hanaraka izany? —**Ny tena finoana dia velona, ary ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra no fanehoana izany.** Ny finoana tsy arahin'asa, araka izay takin'ny Teny, dia efa maty sahady ary tsy manan-kery. Ny marina dia fanekem-pinoana ara-pivavahana fotsiny izany, izay tsy mba nahavonjy olona

mihitsy. Tsy mahasoana, na amin'inona, na amin'iza, ireny fampianarana kristiana ireny, raha tsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina. **Ny Teny izay velona ato anatintsika nohon'ny asan'ny Fanahy Masina no iavian'ny fiombonantsika amin'Andriamanitra.** Tsy misy mitondra mankany Aminy afa-tsy izay avy Aminy ihany.

FANTARO IREO FANAHY

Alohan'ny hanakatonana ity lohahevitra ity, dia misy zavatra iray manan-danja ilaina anàmpy. Ankoatra ny ao amin'ireo fiangonana nentin-drazana, izay tsy itoriana ny fiovam-po ara-Baiboly sy ny fahateraham-baovao intsony, dia mbola manjaka ny fahamaizinana mikasika ny fampianarana fototry ny Soratra Masina, na dia any amin'ny sehatra mitory ny Filazantsara feno sasany aza. Na ireo mpampianatra, na ireo teolijiana, toa tsy mba nisy nahatsikaritra fa ao amin'ny Baiboly dia tsy misy andalana na iray aza manamarina ny fisian'ny olona natao batisa amin'ny raikipohy "Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina". **Ny fiangonana katolika no niavian'io raikipohy io**, ary noraisin'ny fiangonana protestanta, ka tonga hatrao amin'ireo fikambanana kristiana ankehitriny avy aza.

Ny ankamaroan'ny olona dia tsy mahafantatra fa io raikipohy io dia ampiasaina any amin'ireo tontolon'ny fankatovana (*magie*), sy ny fiantsoana avelo (spritisma). Mosavy, latabatra mihodina, famakiana karatra, fijerena ny ho avy, famantaran-javatra, "*pendule*", famakiana fela-tànana, sy ny sisa, dia atao amin'ny alàlan'io voalaza fa "raikipohy àvo lenta" io. Ireo mpiantso avelo any amin'ireo firenena "tandrefana-kristiana", dia mampiasa izany rehefa miresaka amin'ny fanahin'ireo efa nodimandry. Na amin'ireny fikambanana miafina ireny aza, dia ampiasaina izany ianianan'ny mpikambana vaovao. Milamin-tsaina m'anko ireo mpandray anjara raha mandre io raikipohy "amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina" io, satria avy amin'ny fiangonana ka fantany tsara. Na amin'ny "*magie noire*" na "*magie blanche*", na amin'ny fampiasana ireo lazaina fa boky faha-6 sy faha-7 an'i Mosesy, hatraiza hatraiza, dia io raikipohy io no ampiasaina.

Ary raha hazavaina amin'ireo mpandray anjara ireny fanangolena ireny, dia mamaly tsy am-pisalasalana izy ireo manao hoe: "Oh, natao tamin'ny anaran'Andriamanitra izany!" Kanefa tsia! **Izay atao amin'ny Anaran'i "JESOSY" ihany no avy amin'ny Anaran'Andriamanitra.** Ny sisa rehetra dia avy amin'ny devoly, ilay mpanapaka izao-tontolo-izao. Ny Tompo Andriamanitra dia tsy manana ifandraisana amin'izay latabatra mihodina, famosaviana olona na biby, firesahana amin'ny maty sy zavatra hafa mitovy amin'izany, satria ao amin'ny Teniny, Andriamanitra dia tsy namela ny hanaovana izany! An'i Satana ny zavatra toy izany, na manana endrika tena arapivavahana tokoa aza!

Inona moa no ifandraisan'ny asan'Andriamanitra marina amin'ireo asa ratsy atao an-kiafina sy ireo firesahana amin'ny maty? **Nanomboka oviana moa ireo mpanompon'i Satana sy ireo mpanompon'Andriamanitra no niray teny ?** Nanomboka oviana moa Satana no nanana ny fanjakany tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra?

Tokony samy hametraka izao fanontaniana izao ny tsirairay: Raha olona roa no manao zavatra iray ihany, dia tena hitovy tokoa ve izany? Marobe ny olona no gaga, mihorin-koditra mihitsy aza rehefa mandre ny zavatra rehetra atao ambanin'io raikipohy io ; kanefa ireo dia mihevitra fa mety ny fampiasana izany amin'ny fanaovana batisa. **Vitsy loatra ny olona izay mandinika fa izay rehetra mitranga ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia atao amin'ny Anaran'i Jesosy avokoa, ary amin'ny alàlan'io Anarana io ihany no isehoan'ny herin'Andriamanitra.** Kanefa izao no voasoratra: *“Ary na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany...”* (Kol.3:17)

Na zovy mahalala ny Baiboly dia mahafantatra fa tsy mba nisy apostoly na mpaminany na tokana aza, nampiasa ny raikipohy “amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina”. Tahaka ny efa voazava amin'ny antsipiriany ao amin'ny boky *Andriamanitra sy ny Fikasany mikasika ny olombelona (Dieu et son plan pour l'humanité)*, ny Ray, Zanaka sy Fanahy Masina dia Andriamanitra iray sady tokana ihany.

Izay voasoratra ao amin'ny Matio 28:19 dia marina tsy azo lavina, tahaka izay ao amin'ny Asan'ny apostoly 2:38, sns. **Kanefa, efa hatramin'ny voalohany Satana no nandray ny Tenin'Andriamanitra sy nanolotra Azy indray amin'ny endrika sandoka.** Vitany ny namitaka ny olona tamin'ny fomba tena ara-pivavahana tokoa raha mikasika ny batisa. Raha tamin'izany fotoana izany izy nanatona an'i Kristy ka nanao taminy hoe: “Fa voasoratra hoe...”, ny zavatra notanisainy dia voasoratra tokoa, saingy notsoahiny tao amin'ny manodidina azy izany, ka nampiasainy tamin'ny fomba diso. Toy izany mihitsy no nitranga mikasika ny fanaovana batisa. **Nohajambain'i Satana ny olombelona mba tsy ahafahany mamantatra ny fisehon'ny voninahitr'Andriamanitra teo amin'i Kristy (2 Kor.4:4-6). Dia mijanona miafina amin'ny olona ilay tena Anarana.**

Tsy tafahitsoka anatin'ny finoanoam-poana sy ny tsifinoana ve ny tontolo kristiana manontolo ? Aiza no mbola ahitana ny finoana marina mifanaraka amin'ny Soratra Masina? **Araka ny Apokalypsy 18:4, dia miantso ny ivoahana amin'ny Babylona ara-pivavahana Andriamanitra.** Ny olona izay sokafan'ny Tompo maso dia hahafantatra ny hadisoana, ka hanaiky antsitrano ny Tenin'Andriamanitra. Andriamanitra mbola manasaraka hatrany ny hazavana amin'ny haizina. **Iza àry no sahy ka hanaiky hampianariny, Izy, fa tsy ny nofo aman-drà?** Ny tsirairay avy dia samy tompon'andraikitra amin'ny

tenany eo anatrehan'ny Tompo, ka tsy maintsy mandray ny fanapahan-keviny manokana.

Eo am-pamaranana dia fananarana mafy no omena ireo izay maniry ho tonga any amin'ny voninahitra: Andriamanitra tsy mijery ny andron'ny tsifahahalana, ary nitahy ny olona tamin'ny fomba samihafa Izy. Kanefa ankehitriny Izy mandidy ny tsirairay hanaiky Azy sy ny Teniny voambara. **Tsy maintsy misaraka amin'ny fampianarana rehetra izay mifanohitra amin'ny Baiboly isika, ary miverina amin'ny fanambarana voalohan'ny Teny, izay nivoaka tao Jerosalema.**

Ao amin'ny Asa toko faha-3, dia ampanantenaina isika fa hisy andro famelombelomana, ary koa hisy ny fampodiana ny zavatra rehetra, mialoha indrindra ny Fiavian'ny Tompo. Ao amin'ireo andininy faha-19-21 dia voasoratra hoe: *"...mba ho avy izay andro famelombelonana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo, dia Jesosy, Ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pihavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain'Andriamanitra ny mpaminaniny hatramin'ny voalohany indrindra."* Aseho mazava tsara amintsika eto fa, mandra-pihavin'ny andro famelombelomana sy ny fampodiana, Jesosy dia mitoetra any amin'ny Voninahitra. Izy tena mino dia tokony handray ny Tenin'Andriamanitra tsy amim-piambahambàna. **Ny fotoana fampodiana ny zavatra rehetra no iaintsika izao, izay antomotry ny Fiavian'i Kristy.** Fotoanan'ny famelombelomana ara-panahy eo anatrehan'Andriamanitra izao.

Iaraha-mahalala fa samy miandry fatratra ny Fiavian'i Jesosy Kristy avy ireo fikambanana isan-karazany, sy ny olona ao aminy. Ahoana àry no tsy ahafantarany izany androm-pahasoavan'ny famangiana izay iainantsika izao izany? —**Ho an'ny Tompo, dia ny Fiangonany izay mifototra amin'ny Teniny no voakasik'izany.** Izany no tsy maintsy anaovana ny batisa araka ny fampianarana sy ny fampiharan'ireo apostoly. Paoly dia manoratra hoe: *"...natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra..."* (Efes.2:20). **Ankehitriny ny Tompo dia mbola manangana ny Fiangonany toy ny nataony tamin'ny fiandohany, ka hampody Azy amin'ny endriny voalohany.** Aorian'izany ihany Izy vao afaka hiverina ka haka Azy ho ao amin'ny Voninahiny.

Aoka tsy hisy olona hanamaivana ity famelabelarana natao mikasika ny batisa ara-Baiboly ity. N'iza n'iza nahita fitia teo anatrehan'Andriamanitra dia hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny anaovana batisa azy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ahafahany miala amin'ny fatotra izay mangeja ireo natao batisa tamin'ny raikipohy "telo-izay-iray". **Izay avy amin'Andriamanitra dia hihaino koa ny Tenin'Andriamanitra mikasika izany.** Sambatra izay mahafantatra ny hafatr'Andriamanitra ho an'ny ankehitriny, izay mino ireo fampanantenana ho an'izao andro izao, ary manana anjara amin'ny fanatanterahana izany.

NY FANASAN'NY TOMPO

Mialoha ny idirana amin'ny handinihana ny Fanasan'ny Tompo, dia tsy maintsy resahina ny fihinanana ny Paska. **Ny aloka ara-nofa ao amin'ny Testamenta Taloha dia mitondra amin'ny tranga mahagaga ao amin'ny Testamenta Vaovao.**

Ny fihinanana ny Paska dia mbola anisan'ny andro firavoravoana lehibe eo amin'ny vahoaka Jiosy ankehitriny. Andriamanitra dia nandidy ny Isiraelita, hamono zanak'ondry iray isan-trano, ka hihinana ny nofony ary hitentina amin'ny ràny ny tolàna sy ny tataom-baravarana (Eks.12). Mariho tsara fa tsy azo atao mihitsy nitentina izany tamin'ny tokonana mba tsy ho voahitsaka ny rà.

Ny teny hebreo "*Pesah*", dia midika "mandalo eo ambony fa tsy mamely". Koa raha novonoin'ilay anjely mpandringana avokoa ireo lahimatoa Egyptiana rehetra, ireo lahimatoan'ny Isiraely kosa tsy voakasika satria Jehovah nilaza hoe: "*Ary ny rà dia ho famantarana ho anareo eo amin'ny trano izay itoeranareo ; ary raha mahita ny rà Aho, dia handalo anareo, ka tsy hisy loza handringana anareo, raha hamely ny tany Egipta Aho.*" (Eks.12:13)

Ny ràny zanak'ondrin'ny Paska no nanao ny fanavotana, sady izy koa no famantarana ho fiarovana amin'ny famaizan'i Jehovah. Ary raha nanakoako nanerana ny isan-tranon'ny Egyptiana ny hiakiaka sy ny toreo, ny isan-tranon'ny Isiraelita kosa voaàro tanteraka. Tsy afaka nikasika azy ireo ny fahatezeran'Andriamanitra satria efa voavono ny zanak'ondry, ho solony. **Ho toy izany koa amin'ireo olom-boafidy, sady tsy ho voakasika no tsy ho tratry ny famaizan'ny fahatezeran'Andriamanitra ireo, satria ny Ràn'ny Zanak'ondry no fanavotana sy fiarovana ho azy.** Paoly dia manoratra amin'ny Fiangonana hoe: "*...fa voavono Kristy, Paska ho antsika.*" (1 Kor.5:7). "*Notorotoaina noho ny helotsika Izy*" (Isaia 53:5). Ny Fahafatesany no nahazoantsika ny fampihavanana sy ny Fiainana Mandrakizay.

Tamin'ny alàlan'i Mosesy, Jehovah dia nandidy ny hahatsiarovana ny andro namonoana ny Paska sy nivoahana tao Egipta. "*Ary izany andro izany dia ho fahatsiarovana ho anareo ka hotandremanareo ho andro firavoravoana ho an'i Jehovah, hatramin'ny taranakareo fara mandimby no hitandremanareo izany ho andro firavoravoana, ho lalàna mandrakizay.*" (Eks.12:14). Ao amin'ny andininy faha 26 sy 27 dia mbola voasoratra indray hoe: "*Ary raha hanontany anareo ny zanakareo hoe: Inona no anton'izao fanompoana izao? Dia holazainareo hoe: Izao dia famonoana ny Paskan'i Jehovah, Izay nandalo ny*

tranon'ny Zanak'Isiraely tany Egypta, raha namely ny Egyptiana Izy, fa namonjy ny tao an-tranontsika."

Toy izany koa, ny Fanasan'ny Tompo no ankalazaina **dia ho fahatsiarovana ny namonjena antsika**, ary izany dia mandra-pihavian'i Jesosy (1Kor.11:26). Amin'ny lafiny iray isika dia mahatsiaro **io andro lehibe an'ny fampihavanana io**, ary amin'ny ilany kosa isika mibanjina **ilay andro manan-daza izay hankalazan'ny voavonjy rehetra ny Fanasan'ny Tompo, hiaraka amin'ny Mpamonjitsika any amin'ny Voninahiny**. Tamin'Izy nametraka ny Fanasan'ny Tompo, dia hoy ny Tompontsika hoe: *"Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy."* (Lioka 22:19). Mandritra ny Fanasan'ny Tompo isika dia mahatsiaro ny asa fanavotana vita tanteraka, ary misaina hatrany izay natao ho antsika teo amin'ny hazofijaliana.

Ny Ondrin'ny Paska dia novonoina **ho mpisolo toerana** ary nohanina niaraka tamin'ny mofo tsy misy masirasira. Voasoratra hoe: *"Hafitoana no hihinanareo mofo tsy misy masirasira: amin'ny voalohan'andro no hanesoranareo ny masirasira amin'ny tranonareo ; fa na iza na iza homana mofo misy masirasira hatramin'ny andro voalohany ka hatramin'ny fahafito dia hofongorana tsy ho amin'ny Isiraely."* Tsy azo nohamaivanina io fepetra io fa tsy maintsy notoavina.

Nialoha indrindra ny nanavotana ny Zanak'Isiraely sy ny nivoahany tao Egypta no namoronana ny fihinanana ny Paska. Ny Fanasan'ny Tompo dia nankalazaina **nandritra ny fihinanana ny Paska, nialoha indrindra ny fanombohana Azy tamin'ny hazofijaliana, ka araka izany dia nialoha indrindra ny fanavotana ny Fiangonana**. *"Ary nony tonga ny fotoana, dia nipetraka nihinana Izy mbamin'ny Apostoly. Ary hoy Izy taminy: Naniry koa raha naniry Aho hiara-mihinana ity Paska ity aminareo, dieny mbola tsy mijaly Aho. Fa lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana izany intsony Aho ambara-pahatanterak'izany ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."* (Lioka 22:14-16). Ao amin'ireo andininy 7-13, voalaza amintsika fa Jesosy dia naniraka an'i Petera sy Jaona, ary nibaiko azy ireo hoe: *"Mandehana, ka amboary ny Paska hohanintsika."* Ary raha tonga teo anatrehan'ny tompon-trano izy ireo dia nanao hoe: *"Izao no lazain'ny Mpampianatra aminao: Aiza ny efitrano hiarahako mihinana ny Paska amin'ny mpianatro?"* Ao amin'ny Matio 26:26 dia voasoratra hoe: *"Ary raha mbola nihinana izy, dia nandray mofo Jesosy, ka nony nisaotra Izy, dia novakiny ka natolony ny mpianatra, ary hoy Izy: Raiso, hano, ity ny tenako."* Ny Tompo dia **teo ara-batana Izy** raha nandray ny mofo teny an-Tànany, ka nanonona izany teny izany. Ary teny an-Tànany, **tsy ny Tenany no notazoniny**, fa ny mofo tsy nisy masirasira izay natoko ho an'ny firavoravoan'ny Paska.

Mandritra ny fandraisana ara-Baiboly, dia **mofo tsy misy masirasira** no ampiasaina. Ao anatin'ny vavaka sy fisaorana no anamasinana io mofo io. Rehefa izany, dia vakivakina ary zaraina ilay izy. Eo am-pandraisana ny mofo

novakivakina dia manaiky ireo mpino fa ny tenan'i Jesosy dia nampijaliana sy nofantsihina. **Miaiky koa izy fa ny zavatra nitranga teo amin'ny hazofijaliana no nahatonga azy ho mpandray anjara amin'ny Vatany, dia ny Fiangonana izay Azy manokana.**

Paoly apostoly dia nanoratra hoe: *"Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay natolotro anareo kosa, fa Jesosy Tompo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny, ka hoy Izy: Ity ny Tenako izay novakiana ho anareo (ny teny "ho anareo" dia tsy azo amaivanina); izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia arak'izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny Ràko ; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo. Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo hianareo mandrapihaviny."*(1 Kor. 11:23-26)

Paoly dia sahy nilaza fa avy tamin'ny Tompo mihitsy no nahazoany ny fomba fankalazana ny Fanasan'ny Tompo. Araka izany dia izay voasoratra mikasika ny famoronana ny Fandraisana, ao amin'ireo Filazantsara, no niaingany.

Ao amin'ny Lioka 22:20 izao no voasoratra: *"Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny Ràko, izay aidina ho anareo."* Divay no tao anatin'io kapoaka io. **Ny Ràn'ny fanekena vaovao dia mbola nikoriana tao amin'ny Lalandràny ary tsy raraka izany raha tsy teo amin'ny hazofijaliana.** Tsy misy fiovan'ireo zavatra ireo ho nofo sy rà mihitsy (*transsubstantiation*). Na ny Tompo, na ny mpianatra, tsy nisy nisotro ara-bakiteny ny Ràny, satria hoy Jesosy: *"...fa lazaiko aminareo fa hatramin'izao dia tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pahatongan'ny fanjakan'Andriamanitra."* **Ny mofo sy ny divay dia maneho ny Tena sy Ràn'i Kristy, saingy mijanona ho mofo sy divay ihany.** Kanefa tamin'ny alàlan'izany no nanehoan'i Jesosy ny fanekena vaovao, ny Testamenta Vaovao, izay nanomboka nanan-kery tamin'ny Fahafatesany.

Noho izany, tsy manatitra ny Tenany ho sorona matetika Jesosy, fa indray mandeha monja ho mandrakizay, araka ny Hebreo 10:12, ary niakatra mba hipetraka eo ankavanan'Andriamanitra. Ny fandraisana anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo dia afahan'ny mpandray anjara mahatsiaro, eo anatrehan'Andriamanitra, ny zava-nitranga raha nanolotra ny Tenany sy nandatsaka ny Ràny Izy. **Mialoha ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo, dia samy handinika ny tenany avy ny zanak'Andriamanitra tsirairay, ka hanolotra indray ny fiainany amin'Andriamanitra ho fanatitra eo amin'ny alitara.** Mahatsiaro ny fahorian'i Kristy sy ny fialan'ainany ka ory mafy anaty isika. Mampanetry tena antsika ny misaina ny halafosam-bidy nefain'ny Mpamonjy ho antsika. Araka ny Soratra Masina, indray mandeha ihany Izy no

niditra, nitondra ny Ràny, tany amin'ny toerana Masina, toeran-danitra, nanolotra Izany teo amin'ny Sezafiandrianan'ny Fahasoavana, **ka izany no nahazoantsika ny fanavotana mandrakizay** (Heb.9:12).

Fanekena vaovao no vita ; niposaka ny androm-panavotana. Ilaina indray ny mampitaha ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao. Ny Eksodosy 24:6-8, dia miteny mikasika ny **Bokin'ny** fanekena sy ny **vahoakan'ny** Fanekena, ary koa ny **ràn'ny** Fanekena izay natopy tamin'ny vahoaka. Hoy Jesosy hoe: *“fa ity no ràko, dia amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka.”* (Mat.26:28). Ny resahany amin'izany dia ny Ràny madio, masina ary avy amin'Andriamanitra, izay halatsaka, fa tsy ny divay tao anaty kapoaka akory. **Nanorina Testamenta iray Vaovao Izy, ary nahazo vahoaka izay nihavanany, vahoaka izay manana fifandraisana mivantana amin'ny Bokin'ny Fanekena.**

Paoly dia manoratra hoe: *“ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny Ràn'i Kristy va izany? Ny mofo izay vakiantsika, tsy firaisana amin'ny Tenan'i Kristy va izany? Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza ; fa isika rehetra dia samy mandray amin'izany mofo iray izany avokoa.”* (1 Kor.10:16-17). Matetika hamaivanina ireo andininy roa ireo rehefa miresaka na manoratra mikasika ny Fanasan'ny Tompo. **Kanefa ireo no mampiseho amintsika ny Fiangonana ho ilay Vatana**, “ny fikambanan'ireo masina”, ny vokatry ny asa fanavotana nataon'i Jesosy Kristy, izay nanolotra ny Tenany ho antsika. **Ny mofo izay ampiasaina amin'ny Fanasan'ny Tompo dia sady endriky ny tenan'i Kristy voahombo, no maneho ny Fiangonana koa**, izay, na dia misy singa maro aza, dia mivondrona ho iray. Izany no hamakivakiana ny mofo ho sombiny maro mialoha ny izarana azy.

Ny tenan'i Kristy dia nokapohina sy nampijaliana fa tsy notapahan-taolana, araka izay voasoratra hoe: *“Fa tonga izany mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe: tsy hisy hotapahina ny taolany.”* Ary misy teny iray koa milaza hoe: *“Hijery Izay nolefoniny izy”* (Jaona 19:36-37). Izany dia ny zavamiain'ny Kristy sy ny Fiangonany, izay tonga Vatany noho ny asa fanavotana. **Ireo izay efa niaina ny fampihavanana sy ny famelan-keloka tanteraka no voatondro amin'izany.** Manoratra Paoly hoe: *“Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro ny momba ny tena, ary ireo momba ny tena rehetra ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy.”* (1 Kor.12:12). Anatin'izany dia misy zavamiaina iray lehibe. Tsy **feny Kristy** raha tsy ao **amin'ny fifandraisany amin'ireo singan'ny Vatany.** Iza no voasoratra mikasika Azy: *“Ary Izy no Lohan'ny Tena dia ny Fiangonana.”* (Kolos.1:18).

Tahaka ny maha-iray ny tenantsika ara-nofy, ka mifandray avokoa ireo rantsana rehetra sy ny loha, dia toy izany koa ireo rantsana rehetra izay ao amin'ny Vatan'i Kristy. Ny 1 Kor.12:13 dia maneho amintsika ahoana no ahatangavana amin'izany firaisana izany: *“Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-*

batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy na jentilisa, na andevo na tsy andevo ; ary isika rehetra dia efa nampisotroina Fanahy iray."

Mazava hoazy fa tsy ny rano no mampiray antsika ao amin'ny tenan'i Kristy, fa ny Fanahy, izay te-hiasa ao amin'ireo rehetra manaiky atao batisa ara-Baiboly nohon'ny finoany an'i Jesosy. Ireo olom-boafidy rehetra izay tonga amin'io firaisana araka an'Andriamanitra io nohon'ny fiasan'ny Fanahy Masina, no mandrafitra ny Vatan'ny Tompo, ka mankatò Azy, Izy ilay Loha. Miara-paly amin'izay rehetra tahin'Andriamanitra izy ireo, ary miaraka ory amin'izay azom-pahoriana, toy ny voasoratra ao amin'ny 1 Kor.12:26: *"Ary raha mijaly ny anankiray amin'ny momba ny tena, dia miara-mijaly avokoa izay rehetra momba ny tena; fa raha omem-boninahitra kosa ny anankiray amin'ny momba ny tena, dia miara-mifaly avokoa izay rehetra momba ny tena."*

Tsy vitantsika eto ny hivaofy ireo andraikitra samihafa an'ireo singan'ny Vatan'i Jesosy Kristy, izay voalazan'i Paoly ao amin'ny 1 Kor.12:18-20: *"Fa Andriamanitra efa nametraka izay rehetra momba ny tena, samy ho eo amin'ny tena araka ny sitrapony. Ary raha izay rehetra momba ny tena no tonga iray monja, aiza intsony izay tena? Fa maro ny momba ny tena, nefa ny tena dia iray ihany."* Ao amin'ny andininy faha-27, dia fintininy hoe: *"Ary hianareo no tenan'i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy."*

Mampirisika ny mpino ny apostoly —alohan'ny handraisany ny Fanasan'ny Tompo— mba samy handinika ny tenany avy, amin'ny alàlan'izao teny izao: *"Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amin'ny kapoaka. Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihina sy misotra fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy."* (1Kor. 11:28-29). **Ireo rehetra momba ny Tenan'i Kristy, dia miaiky fa ny fitsarana izay tokony ho nilatsaka tamin'ny no nihatra tamin'i Kristy, Izy izay tsy nanota akory.** Mifamela heloka tanteraka ny rehetra, toy ny namelan'Andriamanitra azy ireo tao amin'i Kristy. Tsy misy manameloka ny hafa na amin'inona na inona. **Ny tsirairay dia mamantatra ao amin'ny hafa ny Tenan'i Kristy navotana, nohamarinina, nohamasinina ary notokanana.** Amin'izy samy izy dia mifankahita ho ao amin'i Kristy izy, ary tsy misy fahotana noho i Kristy, toy ny ahitan'Andriamanitra azy ireo. Tsy amin'ny ara-nofa no ifankahalalany, fa amin'ny ara-Panahy.

Araka izany, toy ny tsifisiana masirasira ao amin'ny mofo, ny fiangonana dia tsy tokony ho voafatotr'izay rehetra tsy mifanaraka amin'i Kristy sy ny Teniny. Notondroin'i Jesosy Tompo tamin'ny teny "masirasira" ireo fampianaran-diso an'ireny mpitarika fivavahana ireny. Hoy Izy hoe: *"... ahoana no tsy ahafantaranareo fa tsy amin'ny mofo no nolazaiko taminareo? Fa tandremo, fandrao azon'ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Sadoseo. Dia fantany fa tsy nasainy hitandrina fandrao azon'ny masirasiran'ny fanaovana mofo, fa andrao azon'ny fampianaran'ny Fariseo sy ny Sadoseo."* (Mat.16:11-12).

Paoly koa dia mametraka ny masirasira eo amin'ny lafiny ara-panahy: *"...Tsy fantatrareo va fa ny masirasira kely dia mahazo ny vongana rehetra? Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy mahamisy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika ; dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira ela, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin'ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana."* (1 Kor.5:6-8). Maneho eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona ilay mpandray anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo fa efa niala ny fiainana taloha nisy lolompo sy faharatsiana, mba ho amin'ny fahadiovam-po sy fahamarinana. Tsy maintsy tanteraka tokoa izany ary voamarin'ny fomba fiainana izay maneho izany. **Tsy ampy ny fitenenana, fa tsy maintsy ho tena iainana izany.**

Ao amin'ny epistily ho an'ny Romana toko faha-11, **ny apostoly dia mampatsiahy ny hanan'ireo singan'ny Fiangonany, fanamarinana tanteraka sy fanamasinana**, izay vokatry ny asam-panavotana teo amin'ny hazofijaliana. *"Ary koa raha masina ny santatra, dia masina koa ny vongany ; ary raha masina ny fakany, dia masina koa ny sampany."* (and.16). **Kristy no santatry** ny koba, ary ireo Azy no vongana. Izy no Santatra ary ny fitambaran' ireo rehetra nateraka ao Aminy no voaloham-bokatra. **Izy ny Faka** ary ireo sampany izay mitondra voa no tena mpino. **Jesosy no Foto-boaloboka**, ary isika no sampany. Toy ny ahitana eo amin'ny zavaboàary fa ny sampany dia mivelona amin'ny fakam-boaloboka ary mamoa, dia azo antoka koa fa manana ny Fiainan'Andriamanitra ao aminy tokoa ireo rehetra naterak'Andriamanitra, ary mitondra ny vokatry ny Fanahy Masina. **Maneho ny toetr'i Kristy izy ireo, ary miaraka amin'izany ny fomban'Andriamanitra izay efa naha lasa mpandray anjara azy.** Manodidina izany indrindra no nanoratan' i Petera hoe: *"...koa noho izany dia manaova izay zotom-po rehetra kosa hianareo, ka amin'ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin'ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, ary amin'ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin'ny fahononam-ponareo dia faharetana, ary amin'ny faharetanareo dia toe-panahy araka an'Andriamanitra, ary amin'ny toe-panahinareo araka an'Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin'ny fitiavanareo ny rahalany dia fitiavana ny olona rehetra."* (2 Pet.1:5-7). Tsy fampianarana izany, na fahalalana, fa kosa **Andriamanitra tena zavamisy, hita ao amin'ireo mpino.** Ny takina dia izao: *"...fa araka ny fahamasinan'ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa hianareo amin'ny fitondran-tena rehetra, satria voasoratra hoe: Ho masina hianareo, satria masina Aho. Ary raha Ilay tsy mizaha tavan'olona, fa mitsara araka ny asan'izy rehetra, no antsoinareo hoe Ray, dia mitondrà tena amin'ny fahatahorana mandritra ny andron'ny fivahinianareo ety."*(1 Pet.1:15-17).

Noho ireo fomba fanao tsy ara-Baiboly nolovaintsika, maro ny olona izay tena mino ny fiovan'ny zavatra roa (ny divay sy ny mofo), ho Rà sy Vatan'i Kristy. Zava-doza raha izany tokoa no nisy. Iza no afaka hihevitra fa **Vatana sy Rà manam-pahamasinana loatra toy izany no ho natolotra imbetsaka araka ny fomban'ny zavatra rehetra mety simba?** Tsy azo heverina na dia kely akory izany! Ny fisainana izany fotsiny aza dia efa fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina!

Tahaka ireo Jiosy tamin'ny androny, izay diso fandrany ny tenin'ny Tompo, satria tsy fantany ny hevitr'izany ara-panahy, ankehitriny dia manjaka ny fisafotofotoana eo amin'ny samy kristiana mikasika izany. Ireo izay nandre Azy tamin'izany fotoana izany, dia nihevitra fa nampirisika azy ireo ny Tompo hanohitra ny Lalàna, raha niteny taminy Izy hoe: *“Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko no manana fiainana mandrakizay...”* (Jaona 6:54). Izy rehetra samy nahafantatra izay voasoratra ao amin'ny Levitikosy 17:10-12: *“Ary na iza na iza amin'ny taranak'Isiraely, na amin'ny vahiny eo aminareo, no mihinan-drà, ny Tavako dia hanandrina ny olona izay mihinan-drà, ka hofongorana tsy ho amin'ny firenena izy. Fa ny ain'ny nofo dia amin'ny rà; ary nomeko anareo izany hatao ambonin'ny alitara hanao fanavotana ho an'ny ainareo, fa ny rà no manao fanavotana; satria aina izany. Koa izany no nilazako tamin'ny Zanak'Isiraely hoe: Aza misy mihinan-drà, na hianareo, na ny vahiny eo aminareo.”* Izany no antony nampivarahontsana ny Jiosy raha nandre izay nolazain'i Jesosy taminy ny mikasika izany.

Ireo zavatra fanehoana eto an-tany anankiroa ireo anefa dia fitarihan-tsaina ho amin'ny ara-panahy ihany. Satria, Andriamanitra tsy afaka sady mandrara hentitra ny fihinanana rà, no manery koa ny hinanan'ireo mpanaraka Azy izany. Izay mandray anjara amin'ny mofo sy divay dia manaiky fa manana anjara **amin'izay nitranga tamin'ny alàlan'ny fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana.** Sakafo “ho fahatsiarovana Ahy” izany. Tsy mitranga mandritry ny Fanasan'ny Tompo ny fanavotana ; **efa vita tao Golgota izany.** Fa, mandritry ny Fanasan'ny Tompo, dia ampahatsiahivina antsika fotsiny ny fanavotana, amin'ny alàlan'ny fanoharana mivaingana.

Hitantsika ao amin'ny Jaona toko faha-6 ilay fampitomboana isa mofo mahagaga nahavokisana vahoaka marobe. Ny ampitson'iny, raha nitady an'i Jesosy ny olona, dia hoy Izy taminy: *“Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Mitady Ahy hianareo, nefa tsy noho ny nahitanareo famantarana, fa noho ny nihinanareo mofo ka voky. Aza miasa hahazo ny hanina mety ho levona, fa ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay, izay homen'ny Zanak'olona anareo ; fa Izy no nasian'Andriamanitra toambo-kase.”* (Jaona 6:26-27).

Niresaka mofo Izy, sakafo, fiainana mandrakizay, ary ireo izay nihaino Azy dia nahatsiaro ny fomba namahànana ny vahoakan'Isiraely tao amin'ny Testamenta Taloha ; noho izany niteny tAminy izy ireo hoe: *“Ny razantsika*

nihinana ny mana tany an'efitra, araka ny voasoratra hoe: Mofa avy tany an-danitra no nomeny azy hohaniny." (and.31).

Notohizan'i Jesosy izany fisainana izany, ka hoy Izy taminy: *"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Tsy Mosesy no nanome anareo ny mofa avy any an-danitra ; fa ny Raiko no nanome anareo ny tena mofa avy any an-danitra. Fa ny mofon'Andriamanitra dia ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an'izao tontolo izao. Ary hoy ireo taminy: Tompo ô, omeo anay mandrakariva izany mofa izany. Hoy Izy taminy: Izaho no mofon'aina ; izay manatona Ahy tsy mba ho noana ; ary izay mino ahy tsy hangetaheta intsony."* (Jaona 6:32-36). Valiny mazava sy hentitra izany, izay tsy manaiky ny idirana fandikana manokana. Araka izany, tahaka ny fihinanantsika mofa etỳ ambany etỳ ka hananantsika fiainana ara-nofa, **dia toy izany koa, ampahany ao Aminy isika, Izy ilay Mofon'Aina, ary hiaina mandrakizay isika.**

Jesosy Tompo mihitsy no maneho ny Tenany amintsika ho ilay Mofa Velona izay nidina avy tany an-danitra, anolorana ny Fiainana Mandrakizay, ny Fiainan'Andriamanitra, ho an'izao tontolo izao. Satria avoitrany izao: *"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino no manana fiainana mandrakizay. Izaho no mofon'aina. Ny razanareo nihinana ny mana tany an'efitra, nefa maty ihany. Ity no mofa izay midina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy. Izaho no mofa velona izay nidina avy tany an-danitra ; raha misy mihinanana ity mofa ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofa izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao."* (and. 47-51).

Izany ilay Filazantsara! **Nanaiky natao sorona tao amin'ny tenan'ny Nofony Izy, mba ho afaka isika, amin'ny tenantsika ara-nofa, ary handray ny Fiainana mandrakizay.** Ny Mofon'Andriamanitra tsy andrahoina etỳ antany, tsy avy amin'ny tanaan'olombelona ny sakafon-danitra. Nanolo-tena ny Tompo ary nanaiky nohomboana tamin'ny hazofijaliana mba hahatonga izay rehetra mino io asa fanavotana vita tanteraka io, handray avy Aminy ny Fiainana mandrakizay, sy hovokisana ara-panahy amin'ny alàlany. Izy no Mofon'Aina ; **tonga mpandray anjara ao Aminy am-Panahy isika toy ny nahatonga Azy nandray anjara tamintsika tao amin'ny nofo koa.** Nentiny indray ao amin'ny Fanjakany isika.

Nifanditra ireo Jiosy ka nanao hoe: *"Hataon'Ileho ahoana re no fanome ny nofony hohanintsika?"* (Jaona 6:52). Ankehitriny, dia ireo kristiana no mifanditra ny amin'izany. Toy ny efa novelabelarina, izany dia mikasika ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay natao sorona ny Ainy. Efa voatendry ho amin'ny fampihavanana ny Ràny, ka tsy maintsy natolotra ho sorona teo amin'ny alitaran'ny fahotana. Tao amin'i Kristy ny Ain'Andriamanitra. **Niala tao Aminy tamin'ny nahafatesany izany ary natolotra ho an'ireo rehetra izay manaiky ny famonjen'Andriamanitra noho ny finoany.**

Ny zavatra nolazain'ny Tompo dia nifandraika tanteraka tamin'ny Fijaliany sy ny Fahafatesany. Izany dia mikasika ilay anjara ara-panahy any andanitra, izay ananantsika ao amin'Andriamanitra, ka noraisintsika tamin'ny alalan'i Kristy, Ilay Voahombo. **Amin'ny fahateraham-baovao dia tonga zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika.** Manambara mikasika izany Paoly ao amin'ny Efesiana 5:30 hoe: *"...fa momba ny tenany isika."* [ao @ Baiboly teny vahiny dia miampy hoe *"sy ny nofony ary ny taolany"*—F.n.m] Raha amin'ny maha-olombelona, tsy misy olona nofo avy amin'ny Nofony na taolana avy amin'ny Taolany. Raha ny toetsika dia taranak'i Adama isika ; saingy, amin'ny lafiny ara-panahy, isika dia tonga voaàry vaovao ao amin'i Jesosy Tompontosika. **Satria navotana isika, dia tafaverina ao amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra indray, ary etỳ ambany etỳ isika dia efa mitondra sahadry ny Fiainana mandrakizay ao amin'ny fanahintsika.** Hadalana izany ho an'ny fisainan'olombelona, ka izany no mahatonga ny olona mandrakariva, rehefa mandinika ny Tenin'Andriamanitra, ho tafalatsaka amin'ny fisainany manokana. Kanefa ny zavatra ara-panahy dia tokony tsaraina amin'ny fomba ara-panahy.

Jesosy Tompo dia manana endrika maro: Izy no Làlana, Fahamarinana ary Fiainana ; Izy no Mofo Velona ; Izy no Fahazavan'izao tontolo izao ; Izy no Fitsanganana amin'ny maty ; **ho antsika dia lasa zavatra rehetra ao amin'ny rehetra Izy. Amin'ny alàlany isika dia indro, fa tafafindra amin'ny fomban'Andriamanitra.** Jesosy dia tsy mba nanao fandikana ny Tenin'Andriamanitra. Izy no nanao Azy, ary tao Aminy sy avy tAminy no nahatanterahan'ny Teny. Izany no nahafahany niteny hoe: *"Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy sy mahavita ny asany."* (Jaona 4:34).

Izay mandray anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo dia tsy maintsy vonona amin'ny fony hanao ny sitrapon'Andriamanitra, izay aseho amintsika ao amin'ny Teniny. Mba ahafahany milaza hoe: *"Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Ilay namonjy ahy"*, dia tsy maintsy manana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra ilay olona. Isika dia manaiky ny Tenin'Andriamanitra, ary koa Kristy, Ilay Mofo Velona izay nidina avy tany andanitra. Ny Ràny dia manatanteraka asa tsara ao anatintsika satria ho amin'ny fampihavanana antsika sy ho amin'ny famonjena antsika no nandatsahana Azy. Hoy Izy hoe: *"Ity no mofo nidina avy any an-danitra ; tsy tahaka ny razana izay nihinana, nefa maty ihany ; fa izay mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay."*(Jaona 6:58).

Taorian'io fanambarana mahavariana ao amin'ny Jaona toko faha-6 io, maro tamin'ny mpianatra no nanao hoe: *"Sarotra izany teny izany, iza no mahahaino izany?"* Teo am-pihainoana Azy, na ireo efa elaela nanara-dia an'i Jesosy aza dia nanana fomba fijerin'olombelona, na efa nanambarany mazava mikasika ny Mofo nidina avy any an-danitra aza. Hitany ny fahorian-tsain'izy ireo ka hoy Izy taminy: *"Ny Fanahy no mahavelona ; ny nofo tsy mahavita na*

inona na inona ; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana.” (and. 63).

Tsy maintsy avy any Ambony, ary avy any ihany, no iavian’ny fanambarana mikasika izay nolazain’ny Tompo. Ny lahateniny mikasika ny fihinanana ny Nofony sy fisotroana ny Ràny dia nahatonga ary mbola mahatonga fanafintohinana hatrany. Voasoratra hoe: *“Hatramin’izany dia maro tamin’ny mpianany no nihemotra ka tsy niara-nandeha taminy intsony. Dia hoy Jesosy tamin’ny roa ambin’ny folo lahy: hianareo koa va mba te-hiala? Simona Petera namaly Azy hoe: Tompo ô, hankany amin’iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin’ny fiainana mandrakizay. Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no ilay Masin’Andriamanitra.”* (and.66-69). Izay rehetra manaraka an’i Jesosy dia manambara toy izany avokoa, na azony na tsia ny dikan’ireo teny ireo. **Mino izy ireo ary mitoetra eo amin’ny Tompo, izay mitarika ny Azy avy amin’ny fanambarana mankao amin’ny fanambarana.** Ny fahazoana ireny zavatra ireny dia homena azy amin’ny fotoana mety.

Raha fintinina dia izao no azo tenenina mikasika ity lohahevitra ity: Ny asa fanavotana dia vita indray mandeha ihany teo amin’ny hazofijalian’i Golgota. **Ireo rehetra manaiky izany am-pinoana dia ho fahatsiarovana ny asa fanavotana efa vita tanteraka no ankalazany ny Fanasan’ny Tompo.** Arakaraka ny isan’ny mpandray anjara no andrahoana ny mofo tsy misy masirasira. Aorian’ny fampisehoana ny mofo amin’ny mpiangona sy ny fanamasinana azy amim-bavaka, dia vakivakiana izany, ary ohanin’ireo mpandray anjara amin’ny Fanasan’ny Tompo rehetra. Raha misy ambiny, azo atao ny mbola mandray mandra-pahalaniany.

Rehefa vita izany dia aseho sy hamasinina amin’ny vavaka koa ny kapoaka misy ny divay avy amin’ny voaloboka mena. **Ny rehetra nandray ny mofo dia mandray anjara amin’ny kapoaka koa.** Izany no atao dia ho fahatsiarovana ny nanoloran’ny Tompo ny Tenany sy nandatsahana ny Ràny ho antsika.

Ny Fanasan’ny Tompo dia tsy maintsy tanterahina toy izay nandidian’ny Tompo izany. **Na aiza na aiza ka tsy tanterahina araka izany io didy io, ny fanompoam-pivavahana dia mirona mora foana any amin’ny fanompoan-tsampy,** ary izay heverina ho finoana dia hay finoanoam-poana. Manoratra izao Paoly: *“Tsy mahazo misotro amin’ny kapoaky ny Tompo sy ny kapoaky ny demonia hianareo ; tsy mahazo mihinana amin’ny latabatry ny Tompo sy ny latabatry ny demonia hianareo. Mampahasaro-piaro ny Tompo va isika? Mahery noho Izy va isika?”* (1 Kor 10:21-22).

Azo antoka fa Paoly dia nanovo tao amin’ny Levitikosy toko faha-17 izay ahitana ny fanazavana amin’ny vahoakan’Andriamanitra ny didy mikasika ny fanaterana ireo sorona. Ao amin’ny andininy faha-3 hatramin’ny faha-7, dia voazava tsara ny atao hoe fanompoan-tsampy, ary ahoana no tokony anaovana

fanatitra ankasitrahan'Andriamanitra. Iza no voalaza: *"...mba ho entin'ny Zanak'Isiraely ho an'i Jehovah eo anoloan'ny trano-lay fihaonana, ho amin'ny mpisorona, ny zavatra vonoiny ho fanatitra, izay famonony tany an-tsaha, ary dia hateriny ho fanati-pihavanana ho an'i Jehovah izany. Ary ny mpisorona hanopy ny rà amin'ny alitaran'i Jehovah eo anoloan'ny varavaran'ny trano-lay fihaonana ka handoro ny saborany ho fofona ho hanitra ankasitrahana ho an'i Jehovah. Ary tsy ho ateriny intsony ny fanatiny ho an'ny Sefrima (andriamani-tsi-izy) izay nijangajangany. Ho lalàna mandrakizay hatramin'ny taranaka fara mandimby izany."*(Lev. 17:5-7).

Nanome didy sy toro-làlana mazava tsara Andriamanitra mikasika izay tokony atao sy ny fomba tsy maintsy anaovana izany. Na dia nanao araka izay nahafinaritra azy aza ireo zanak'Isiraely dia nihevitra tamin'ny fony tokoa fa nanatanteraka araka izay tokony ho izy ny fanatiny tamin'i Jehovah. Kanefa nampilaza taminy mazava tsara Izy fa, **Aminy, ny fanatitra nalatsa-drà natao araka ny fomba nandidiany sy amin'ny toerana notondroiny ihany no azo ekena.** Ny fomba hafa rehetra dia heverina toy ny fanatitra atao ho an'ny demonia.

Izay singan'ny vahoakan'Andriamanitra dia tsy afaka manao izay tiany atao, na araka izay tiany anaovana izany, na amin'ny fotoana sy ny toerana tiany. **Tsy misy hafa amin'izay nandidian'Andriamanitra no tsy maintsy anaovany ny zavatra, raha tsy izany dia tsy Aminy no anolorana izany fa amin'ireo demonia izay mitaona ny olona hitady izay mahafinaritra azy sy hikomy.** Voakasika izany koa ny Fanasan'ny Tompo. Amin'ny maha-apostoly nahazo fahazavana tamin'Andriamanitra azy, Paoly dia namelabelatra izany mazava tsara. Tsy tiany raha izay mpino ambany fitaoman-demonia no handray anjara amin'ny latabatry ny Tompo.

Tamin'ny andron'ireo apostoly, tsy nisy mihitsy fifandirana mikasika ny Fanasan'ny Tompo. Nandidy Jesosy Tompo, ary nifanaraka tsara tamin'izany no nankalazan'ny mpino ny Fandraisana. Izany dia nantsoiny fotsiny hoe "mamaky mofo", toy izay voasoratra ao amin'ny Asa 20:7: *"Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, rehefa niangona hamaky mofo izahay..."*

Ny fiteny "mamaky mofo", dia manondro fa ireo mpianatra dia nanao ho zava-dehibe tokoa ny hankalazana ny Fanasan'ny Tompo araka ny didy napetraky ny Tompo sy ny fomba nampiharana ny Tenany izany. Voasoratra hoe: *"Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana."* (Asa 2:42).

Ireo rehetra tena singan'ny Fiangonan'Andriamanitra Velona dia hiverina amin'ny Teny na mikasika ny fampianarana izany na mikasika ny fampiharana. **Izy ireo dia hametraka amin'ny toerany marina ny zavatra rehetra ary hamela ny tenany koa apetraka amin'ny tokony itoerany.** Sady tsy hanome fandikana manokana izy no tsy hanaiky omena. Ny manan-danja

amin'ny dia tsy misy afa-tsy izay voalazan'ny Teny ihany. **Izany no antony ankalazan'ny tena Fiangonana ny Fanasan'ny Tompo "ho fahatsiarovana", fa tsy ho famelan-keloka.** Tsy misy andininy na iray aza ao amin'ny Soratra Masina milaza fa voavela ny heloka nohon'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo. Ny fampianarana izany, dia midika fampiankinana ny fanavotana amin'ny fombam-pivavahana.

Hatramin'izao ny Fanjakan'Andriamanitra dia mbola misava ny làlany amin-kery. **Miverina ho ivotoeran'ny toriteny indray ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, nohomboana sy nitsangana tamin'ny maty, ary arahina am-pankatoavana ny torolàlana rehetry ny Teny.** Koa tafaverina indray amin'ny toeram-pahasoavana izay nisy azy tamin'ny voalohany ny Fiangonana. Ny Tompontsika no Fiandohana sy Fiafarana, eny, Izy dia tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Sambatra izay rehetra mametraka Azy amin'ny laharana voalohany, Izy sy ny Teniny, ary manaiiky Azy ho Tompo amin'ny fanatanterahany izay nodidiny atao.

NY FANASAN-TONGOTRA

Rehefa niresaka mikasika ny Fanasan'ny Tompo isika, dia tsy maintsy hojerentsika fohifohy ny mikasika ny fanasan-tongotra. Alohan'ny itodiantrika amin'ny andalana mifandraika amin'izany ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia andeha atao topimaso izay nandidiana ireo mpisoron'ny Testamenta Taloha: **Tsy maintsy napetraka teo anelanelan'ny trano-lay fihaonana sy ny alitara ny tavy varahina, araka ny didin'Andriamanitra.** "...ary eo no hanasan'i Arona sy ny zanany ny tongony aman-tànany." (Eks.30:19). Raha tsy efa nahavita izany izy, tsy nahazo niditra tao amin'ny trano-lay fihaonana. Ato amin'ny Testamenta Vaovao, ireo tena mpino dia mivondrona ho "fisoronana masina" iray. Tsy maintsy amim-panajana masina isika no manatona an' Andriamanitra, ary tsy maintsy mankatò tanteraka ny Teniny amin'ny zavatra rehetra isika.

Voasoratra ao amin'ny Jaona 13:3-10: "...sady fantatr'i Jesosy koa fa ny Ray efa nanolotra Azy ny zavatra rehetra ho eo an-tanany, ary Andriamanitra no nihaviany, sady Andriamanitra koa no hiverenany, dia nitsangana niala teo am-pihinanana Izy ka nametraka ny lambany ary naka lamba famaohana, ka nisikinany ; ary rehefa vita izany, dia nampidina rano tamin'ny tavy Izy ka nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra sy namaoka azy tamin'ny lamba famaohana izay nisikinany. Dia nankeo amin'i Simona Petera Izy ; fa hoy Petera

taminy: Tompoko, Hianao va hanasa ny tongotro? Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izay ataoko dia tsy fantatrao ankehitriny fa ho fantatrao rahatrizay. Fa hoy Petera taminy: Sanatria raha hanasa ny tongotro Hianao. Jesosy namaly azy hoe: Raha tsy hosasako hianao, dia tsy manana anjara amiko. Dia hoy Simona Petera taminy: Tompoko, tsy ny tongotro ihany àry, fa ny tànako sy ny lohako koa. Fa hoy Jesosy taminy: Izay efa nandro tsy mila hosasana, afa-tsy ny tongotra ihany...”

Raha mbola toy ny tatitra tsotra ihany no ijerintsika io andalana io, dia mbola tsy mahatsapa ny tenantsika ho voakasik’izany isika. Tamin’io fotoana io, dia niresaka tamin’ireo teo anatrehanany ny Tompo. Ankehitriny, amintsika Izy no miresaka amin’ny alàlan’io Teniny io ihany. Tokony hipetraka eo amin’ny toeran’i Petera isika, izay nanontany hoe: *“Tompoko, hianao va hanasa ny tongotro?”* ka namalian’ny Tompo hoe: *“Izay ataoko dia tsy fantatrao ankehitriny fa ho fantatrao rahatrizay.”* Namafisin’i Petera ny fanapahan-keviny tamin’ny nitenenany tAminy hoe: *“Sanatria raha hanasa ny tongotro Hianao.”* Tsy tiany hietry teo anoloany ny Tompo tamin’ny alàlan’ny fanaovana asa ambany toy izany. Kanefa tamin’io ny Tompo Mpampianatra dia nanao fampiharana-desona tamin’ireo mpianany (Matio 20:26): *“...fa izay te ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo.”* **Nanompo azy ireo tamim-panetren-tena sy fietrena tanteraka ny Tompo.** Napetrany ny lambany, dia nisikina lamba famaohana Izy ary niondrika, nanao ny asan’ny andevo an-trano. **Ohatra ho an’ny mpianany izany, ny amin’ny tsy maintsy iheverana ny hafa ho lehibe noho ny tena.** Teo Izy dia nanome fampiharana-desona nivaingana taminy.

Raha niteny tamin’i Petera ny Tompo hoe: *“Raha tsy manaiky hosasana hianao, dia tsy manana anjara amiko”*, dia raiki-tahotra ilay apostoly ka nihiaka hoe: *“Tompoko, tsy ny tongotro ihany àry, fa ny tànako sy ny lohako koa!”* Ahoana no tsy maintsy ahazoantsika fa raha tsy izany dia tsy ho nanana anjara tAminy izy ? N’iza n’iza ve afaka hanana anjara amin’ny Tompo amin’ny alalan’ny fanasan-tongotra fotsiny ihany? —**Tsia, fa izany dia ny tsy maintsy ankatoavantsika ny Tompo sy ny ifanompoantsika, isika samy isika.** Raha misy baiko, na antso, na didy avy amin’ny Tompo ka tsapantsika ho toy ny tsy misy lanjany, dia tsy maintsy manatanteraka izany amin’ny finoana toy ny zanaka isika, tsy manontany izay antony sy ny dikany ; **satria raha tsy manao izany isika, dia manapaka ny fifandraisantsika amin’lly nanome izany.** Ny tanjaky ny rojovy iray dia tsaraina amin’ny masony malemy indrindra. Notakiny amintsika ny tsy hanamaivanana ny teny rehetra, ny baiko rehetra ary hanatanteraka izany.

Manomboka eo amin’ny andininy faha-12, dia izao no voalaza: *“Ary rehefa voasasany ny tongony, dia nandray ny lambany Izy ka nipetraka indray, dia nanao taminy hoe: Fantatrareo va izay nataoko taminareo? Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo, ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho.*

Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza, no manasa ny tongotrareo, hianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: ny andevo tsy lehibe noho ny tompony, na ny iraka noho ny maniraka azy. Raha fantatrareo izany dia sambatra hianareo raha manao izany.”

Ny tenin’ny Mpampianatra dia mazava sady tsy mampisalasala: *“Koa raha Izaho Tompo sy Mpampianatra aza, no manasa ny tongotrareo, hianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra.”* Tsy misy azavaina na adika ny amin’izany. Raha miteny ny Tompo fa tokony hifanasa tongotra isika, ary manindry aza Izy amin’ny hoe: *“... hianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra.”*, dia izay no tiany lazaina. Izany dia tsy misy ifandraisany amin’ny fomba tatsinanana, izay fantatry ny rehetra, ary fantatry ny Tompo Mpampianatra ihany koa. Miteny mazava Izy, hoe: *“Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo.”* Baiko mazava izany, tsy misy “raha...”, na “fa...”. Ny Tompo dia mbola nanipika io baiko io amin’izao teny izao: *“...ny andevo tsy lehibe noho ny tompony, na ny iraka noho ny maniraka azy.”*

Isaky ny mampiasa ity fiteny hoe “marina dia marina tokoa” ity ny Tompo, dia tokony hampifantoka manokana antsika izany, satria toy ny te-ampivoitra zavatra Izy, izay tokony hifantohantsika. Izany no ataony matetika ao amin’ny Jaona toko faha-13.

Raha ny marina dia tsy misy zavatra betsaka resahina mikasika ny fanasan-tongotra. Tamin’ny fotoan’ny kristiana voalohany, tsy maintsy ho fomba fanao nahazatra izany satria tsy ahitana teny mikasika izany ao amin’ny Soratra Masina. Noraisin’i Paoly fohifohy io lohahevitra io, raha namaritra ny fepetra andraisan’ny fiangonana adidy amin’ireo vehivavy mpitondratena ao amin’ny fiangonana izy. Izao no voalaza ao: *“...ary tsara laza amin’ny asa tsara; raha namelon-jaza izy, raha nampiantrano vahiny, raha nanasa ny tongotry ny olona masina, raha namonjy ny nozoim-pahoriana, raha nazoto nanaraka ny asa tsara rehetra.”* (1 Tim.5:10)

Nasehontsika mazava, tamin’ny alàlan’ny Baiboly, fa Jesosy Tompo dia nametraka ary nanome ny fanasan-tongotra ho ohatra ho antsika. Noho izany, n’iza n’iza tena mahitsy-fo dia hanao izay nandidian’ny Tompo, fa tsy ny hanao adihevitra na fandikana, izay hitarika amin’ny tsifankatoavana izany. **Tokony ho masina loatra amin’ny mpino tsirairay ny Tenin’Andriamanitra ka hahatonga azy ho vonona hanatanteraka ny didy hatramin’ny kely indrindra aza.** Koa, ny mpino toy izany dia hahatsapa tena ho voakasika amin’ireo teny voalazan’ny Tompo ho famintinana io lohahevitra io: *“Raha fantatrareo izany dia sambatra hianareo raha manao izany.”* Ny fitahian’ny Tompo dia mitoetra hatramin’ny voalohany ka hatramin’ny farany amin’ireo izay mampihatra ny Teny.

Ny Tompo anie hamolavola antsika ho olona toy izany, izay mandeha amin'ny Lalany sady manatanteraka izay rehetra nandidiany.